Laharana faha 104 Asabotsy 25 desambra 2010

Ny Gazety Paris

EGLISE PROTESTANTE MALGACHE EN FRANCE- PAROISSE DE PARIS

«...Fiangonana milaza Teny soa mahafaly....”

(Lioka 2:-10)

Ny andro krismasy dia anisan’ny fotoana lehibe indrindra eo amin’ny fiainan’ny mpino sy ny fiangonana satria Andriamanitra mihitsy no tonga ka nonina tamintsika (Jao 1:14), mba hamonjy izao tontolo izao. Izany teny soa sy mahafaly izany no nambaran’ny anjely tamin’ny mpiandry ondry fahizay roa arivo taona lasa «…indro, milaza teny soa mahafaly aminareo aho, dia fifaliana lehibe izay ho an'ny olona rehetra Fa mpamonjy no teraka aminareo anio dia Jesosy Kristy Tompo ....” (lioka 2:10).

Na eo aza ny fiomanana isan-karazany izay tsy misy izay maharatsy azy hataon’ny fianakaviana sy ny fiaraha-monina manoloana ny fankalazana ny krismasy, ho antsika Kristiana kosa dia tokony ho krismasy feno fifaliana sy fahazavana anaty haterakin’ny fahatongavan’ilay Mpamonjy, ka vonona hanohy ny fizarana ny vaovao mahafaly eo amin’ny manodidina satria izay no antom-pisiana sy ny misionan’ny fiangonana.

Raha manao jerikina ny taona 2010 dia maro ny vanim-potoana niseho teo anivon’ny fiangonana raha tsy hitanisa ireo fianakaviana nahazo fara sy dimby, nisy ireo tokantrano izay naorina, nisy ireo zaza natao batisa sy ireo tanora natokana ho Mpandray ny fanasan’ny Tompo na natokana ho Mpiandry, ary tamin’ny volana desambra ity nohon’ny famindram-pon’Andriamanitra dia vita soa aman-tsara ny fianarana izay nataon’ny ray aman-dreny mpitandrina ka nahazoany ny mari-pahaizana “Docteur en sociologie et sciences des religions”.

Nandrity ity taona 2010 ity izay hivalona afaka andro vitsivitsy dia nisy koa anefa namana mpiara-miasa , rahalahy , anabavy ary ray aman-dreny noraisin’ny Tompo any aminy ka nisy ny alahelo vokatry ny fisarahana. Manoloana ireny vanim-potoana nifanesy ireny na fifaliana na fahoriana, dia azo lazaina sy tsapa fa ny fiadanan’ny Tompo izay nambara roa arivo taona lasa no nitoetra sy niaro ary nihazona ny fo sy ny sain’ny fiangonana (Fil. 4:7) teo amin’ny fanatanterahana ny asa fitoriana ny filazantsara.

Ny vavaka asandrantsika amin’izao Krismasy 2010 izao dia mba ho fiangonana manaiky hatrany ho tarihin’I Jesosy Tompo ka hanana fahasahiana hitory teny soa mahafaly eo amin’ny manodidina, ary hazoto hivavaka mba hitombon’ny teny nafafy ka mba ho tena fiainan’ny fiangonana ny hitaona olona maro eo amin’ny valan’ny Tompo.

Dia mirary Krismasy feno fifaliana ary fahasahiana avy amintsika hilaza ny Teny soa mahafaly eo amin’ny manodidina antsika, ho voninahitr’Andriamanitra lrery ihany!

Volamena,zava-manitra ary miora Matio 2,11

Ary rehefa tafiditra tao an-trano izy, dia nahita ny Zazakely sy Maria reniny ka niankohoka teo anatrehany ; ary nony efa noso-kafany ny fitehirizan-drakiny, dia nanolotra zavatra ho Azy izy, dia volamena sy zava-manitra ary miora.

Faly miarahaba antsika tratr’izao andro fankalazana sy fano-mezam-boninahitra an’Andriamanitra izao noho ny naman-giany antsika tamin’ny alalan’i Jesosy Kristy Zanany.

larahan-tsika mahita eto amin’ity vohitra Paris misy antsika ity ireo

Tohiny PEJY 3

HAFATRA PASTORALY,

Ho aminareo rehetra anie ny Fahasoavana sy ny Fiadanana avy amin'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina ! « *Eny, notiavin'Andriamanitra fatratra izao tontolo izao, ka nomeny ny Zanany lahitokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy fa ho velona aina mandrakizay… Aoka izay ny tahotra, fa vaovao mahafaly no entiko ho anareo, dia fifaliana lehibe ho an'ny vahoaka rehetra : Mpamonjy no teraka ho anareo anio ao an-tanànan'i Davida, dia i Kristy Tompo.* » Johany 3 , 16 ; Lioka 2, 10-11 Baiboly DIEM

- **Mila fiaraha-miasa mandrakariva hampandrosoantsika ny asan'ny Fiangonantsika.** Efa miroso ho amin'ny fisian'ny Mpitandrina matihanina isika ankehitriny. Arahabaina ireo efa tonga amin'izany tanjona izany, ary entina amimbavaka kosa ireo mbola eo am-pirosoana. Fahasoavana ho antsika ny fahafahan'ny Mpitandrina sy ny laika miaramiasa eo anivon'ny Fiangonana. Tokony hotandrovina tsara izany fiaraha-miasa izany, indrindra moa fa isika efa mandroso ankehitriny miroso amin'ny fananana mpitandrina matihanina. Mila faharetana ny hivoarantsika tsikelikely fa tsy azo terena ho tanteraka vetivety ny fiovana tian- katao. Aza adika vilana mihitsy ny hoe "fanjakam-pisorona" ka mahatonga ny olona sasany hihevitra ny mpitandrina ho toy ny mpiasa fotsiny ka manilika azy amin'ny fandinihana ny raharaham-piangonana eo an-toerana. Fahatsiarovana andraikitra avy amin'ny tsirairay no takiana fa samy ilain'Andriamanitra isika tsirairay avy, ary asan'ny Fanahy Masina iray ihany nozarazarainy ny fanomezam-pahasoavana ho enti-miasa.

- **Fa mila fifampifehezana sy fifanajana koa isika samy isika eo amin'ny fiaraha-miasa.** Aoka hilaozantsika lavitra ny fahazarana mitaky ary mangataka fotsiny, fa tokony samy hihevitra avokoa isika izay tokony hataontsika tsirairay avy hirosoana ho amin'ny fivoarana bebe kokoa. Mila fanatsarana hatrany hatrany ny serasera (communication) eo amintsika. Fitarainana renay, fa matetika misy mifehy ny hafatra sy ny dinika mba tsy hiampita, ka tratra aoriana be mihoatra ny fotoana ilàna azy, na koa tsy mba mahazo valiny akory izahay, amin'ny fampitana hevitra alefanay. Miangavy anareo amim-pitiavana re izahay mba hampita ny hafatra sy hamaly ny fangatahana alefanay Foibe, fa tsy hifanome tsiny isika rehefa tsy araka ny heverina ny zavamisy aoriana.

- **Fiangonana misokatra sy mifandray amin'ny hafa isika FPMA.** Aza hamaivanina na oviana na oviana ny fiombonantsika amin'ny rahavavy rehetra ara-pinoana, ary aoka ho lohalaharana iska amin'ny fampiraisana eo amin'ny samy Kristiana Protestanta Malagasy aty am-pitandranomasina.

Mirary Noely sambatra 2010 ho anareo ary miandrandra sahady ny taona vaovao 2011 izay antenaintsika hahatsapantsika indray ny asan'Andriamanitra eo anivon'ny Fiangonantsika izahay. «Satria fatra-paniry ny fanomezam-pahasoavana avy amin'ny Fanahy Masina ianareo, dia izay hampandroso ny fiangonana amin'ny finoana no aoka hotadiavinareo hananana be dia be.» I Kor 14, 12 - DIEM - Mamangy sy manao veloma anareo amin'ny anaran'Ilay tia antsika !

Dr Jean A. RAVALITERA, Mpitandrina Filoha Synodaly- Filohan'ny FPMA.

STK, Soirée des ponts de lumières sur des jours sombres

L'année 2010 a été pour la Fédération Protestante de France ou FPF, une année consacrée à la migration. Egalement dans le cadre du projet Mosaïc, service visant à faire collaborer la diversité des églises au sein de la Fédération, le STK Paris a été invité ce samedi 4 décembre à une veillée de prière intitulée : Soirée « des ponts de lumières sur des jours sombres ».

Notre soirée commença sur le pont des Arts, côté Louvre. Une procession devait partir de là à la lumière des bougies avec des chrétiens de diverses nationalités, jusqu'à l'église évangélique baptiste, rue de Lille : lieu final où tous devaient se retrouver. Nous étions a peu près une vingtaine de personnes au départ. Le vent soufflait tellement fort qu'il éteignait facilement nos petites bougies. Mais sans nous décourager, nous avancions en chantant « Une flamme en moi réchauffe mon cœur,… » …

A notre arrivée à l'église Rue de Lille, nous avons été accueilli avec des boissons, une soupe chaude et des sortes de « mofo baolina ». **« Nous, témoins de Jésus Christ, sommes comme de petites bougies dans un monde sombre. Et nous devons lutter pour rester la lumière qui éclaire. C'est difficile quand il y a beaucoup de vent... mais à la fin, on est récompensé : on est au chaud, on n'a plus faim. »** (Tojo)

Peu de temps après, la veillée de prière fut présidée par Marianne Ouattara Guéroult, chargée de mission du projet Mosaïc. Elle nous a fait remarquer que **« même si on n'a pas fait énormément de tapage, même si les lumières de la ville étaient beaucoup plus impressionnantes, on témoignait de quelque chose avec nos bougies sur le pont, on a pris position dans ce monde: Dieu est la lampe à nos pieds, c'est lui la Vraie lumière. »**

Durant ce culte, le président de la FPF, Claude Baty apporta un message, alors qu'une chorale roumaine chanta plusieurs chants magnifiques dans sa langue maternelle.

La participation de Farid

SUITE PAGE 3

STK, Soirée des ponts de lumières...

fut particulièrement émouvante, profonde et puissante. Il nous a montré combien il voulait donner sa vie à Dieu à travers les moments de louange qu'il a réalisés, le tout en mime.

Pendant la veillée, deux d'entre nous, représentant des parcours différents, ont témoigné de la manière dont la FPMA a permis leur intégration dans la société, mais bien au-delà de cela : comment ils ont découvert leur véritable identité en Jésus : chrétien-malgache plus que de malgache-chrétien. Pour accompagner ces témoignages, nous avons chanté « Aoka tsy hisy olona », hymne officiel du STK National, et « Lakile » : peu importe où tu vas, si tu crois, Dieu sera toujours avec toi. Nous avons été marqués par les choristes roumains qui ont dit « Amen » aux chants alors qu'ils ne comprenaient pas les paroles. « **La foi se partage au delà des mots ou des barrières humaines, c'est le Saint-Esprit qui oeuvre.** » rappelle alors Rohy.

La prière d'intercession fut « **pour tous les immigrés - chrétiens ou non - ». Sa précision « démontrait vraiment ce que c'est de se préoccuper de son prochain. » dixit Fanja. « On peut prier pour tout, pas seulement pour nos problèmes, notre église, nos familles, ou notre pays, mais pour tout ce qui se passe dans le monde: ce qu'on voit et ce qu'on ne voit pas.** ».

Après le culte, nous avons commencé à chanter spontanément chacun dans sa propre langue. La louange n'a pas de frontières. L'Eglise a un même Chef : Jésus-Christ et effectivement, Il a donné la mission à tous les chrétiens quelle que soit sa couleur ou sa nationalité : celle d'évangéliser. Nous sommes tellement différents, et pourtant, nous sommes unis parce que nous confessons que Jésus est notre Seigneur et Sauveur.

Nous, les STK, voulons remercier le Seigneur de nous avoir permis de participer à cet événement. Nous en avons hérité le désir de monter, par la grâce de Dieu, un projet permettant de prendre position concrètement dans le monde, et pourquoi pas dans la ville de Paris ?

Volamena,zava-manitra ary miora

fomba maro isan-karazany entin'ny olona mankalaza sy mahatsiaro ny andro nahaterahan'ny Tompo izany. Na dia eo aza ireo mpino izay mbola mihazona ny tena votoatin'izany fankalazana ny andron'ny Noely izany dia azo lazaina fa fitadiavana tombom-barotra no andraisan'ny maro azy.
Inona no votoatin'ny krismasy ankalazaintsika isan-taona ity ? Maro no azo amaliana izany fa andeha ireto fanomezana natolotry ny Magy ireto no hoentintsika manazava izany: Volamena , zava-manitra ary miora. Azo lazaina hoe mitory na manambara ny finoan'ireto Magy ireto izao fanomezana nataon'izy ireto izao. Manambara lafiny samihafa amin'ny fiainan'i Jesosy mantsy ireo fanomezana ireo.

NY VOLAMENA dia mariky ny maha Mpanjaka an'I Jesosy. Iarahan-tsika mahalala fa ny Mpanjaka no feno volamena: Firavaka volamena, Satro-boninahitra volamena, indraindray aza fanamiana feno volamena. Noho izany, izao fanomezan'ny Magy volamena ho an'i Jesosy izao dia tena finoana sy fanekena ny maha Mpanjaka Azy. Izany no nahatonga azy ireo nitady sy nanontany hoe: "Aiza ilay teraka ho Mpanjakan'ny Jiosy?"

NY ZAVA-MANITRA kosa dia natao ho fanomezam-boninahitra an'Andriamanitra. Izany no mahatonga ny toeram-pivavahana sasany ety amin'izao tontolo izao asiana emboka manitra. Noho izany ny fanomezana zava-manitra ho an'I Jesosy dia fanehoana finoana fa tena Andriamanitra Izy. Tsy mba Mpanjaka tahaka ireo mpanjakan'ny tany Jesosy ka voafetra ihany ny fahefany. Fa Mpanjaka tena manjaka amin'ny zava-boary rehetra Izy satria Andriamanitra.

NY MIORA dia menaka fanosotra amin'ny faty. Noho izany dia milaza fa mbola ho faty ny Tompo. Milaza koa izany ny mahaolombelona an'I Jesosy. Mpanjaka Izy ary tena Andriamanitra kanefa tena akaiky antsika tokoa satria tonga olombelona mba hamonjy sy hanafaka antsika amin'ny fahotantsika rehetra. Fitiavany ahy sy ianao no nanekeny ho tonga nofo honina amintsika.

Noho izany ry Havana dia mametraka fanontaniana amintsika izao andro Krismasy izao. Jesosy inona ny Jesosinao?
Jesosin'I Heroda ve? Jesosy izay atahorana anozongozona ny fahefana. Na tian'I Heroda, na tsy tiany dia tsy maintsy voafetra ny fahefany. Satria Jesosy no tena Mpanjaka ary fahefana nampindramina ihany ny an'i Heroda. Koa na iza na iza manana fahefana eto amin'izao toniolo izao dia aoka izy hahatsiaro fa voafetra izany ary tsy maintsy Jesosy Kristy Mpanjaka no tompon'ny teny farany amin'ny zavatra rehetra.

Sa kosa Jesosin'ireto manam-pahefana teo amin'ny fitondram-pivavahana Jisoy ny anao? Izy ireo dia nahafantatra zavatra maro momba an'I Jesosy tamin'ny alalan'ny Soratra Masina nefa tsy mba ntady Azy fa niaina tamim-pahazarana fotsiny amin'ny maha mpivavaka azy ireo.

Ny Jesosin'ny Magy ry Havana dia ekena ho Tompo sy Mpanjaka tena tia antsika ka Izy no anankinana sy avela hitondra ny fianantsika. Enga anie ka ho tanteraka amintsika izany amin'izao andro krismasy izao. Ka tsy ho Jesosy fakana tombom-barotra na fihinana sakafobe fotsiny ny Jesosintsika fa ho tena mpanjakan'ny fiainantsika sy ny ankohonantsika

Pasteur Seth RASOLONDRAIBE

RADIO FPMA PARIS
100.7 Mhz
2èmes Dimanches
14 : 15 : 00

« Gloire à Dieu, dans les lieux très hauts, Et paix sur la Terre parmi les hommes qu'Il agrée ! »

Luc2.14

LES PETITS MAILLONS DE LA PAIX, tel est le thème du spectacle des enfants du sekoly alahady pour ce Noël 2010, célébré dimanche 19 décembre dernier à la Place Torcy 75018 Paris.

La Gloire de Dieu s'est manifestée dans

les ténèbres de cette nuit de Noël car la naissance du Fils de Dieu est soulignée par la pauvreté et la marginalisation dans lesquelles vivent une multitudes de frères de l'humanité. Lors de ce spectacle, on a fait référence aux 4'Mi (les marginaux malgaches). Les témoignages des bergers ont permis aux 4'Mi d'avoir part à la joie de Noël « Noël 4'MI existe aussi ». Car ce Jésus « Prince de la Paix » est né exprès pour toi et moi (riche ou pauvre).

La vraie Paix n'est pas seulement l'absence de guerre mais la présence de Dieu « Emmanuel » en nous.

Tel est message partagé par plus de 150 enfants qui y ont participé encadrés par une vingtaine de moniteurs et monitrices.

Les enfants étaient partagés en 3 groupes : le groupe de chœurs (les grands, supers-grands, cours supérieurs), le groupe des petits et tout-petits chanteurs parmi lesquels il y a ceux qui ont fait les « tsianjery », le groupe des acteurs (4'Mi, bergers, Marie et Joseph). Le spectacle a duré environ 1 heure et demie pendant lequel les enfants étaient restés sur scène, il n'y avait pas de fermeture de rideau. Par la Grâce de Dieu et uniquement pour sa Gloire, les enfants ont bien assuré, ils ont bien chanté, ont bien retenu les paroles des chants, les petits étaient très sages sur scène.

Les répétitions ont débuté depuis le 18 septembre, ce qui a nécessité beaucoup de persévérance de la part des moniteurs et des parents et des enfants, il y a eu des moments de découragement de la part de tous mais nous avons expérimenté une fois de plus de la fidélité de notre Dieu pour que nous soyons de vrais « Maillons de la Paix ».

Sa Gloire s'est manifestée lors de ce spectacle.

Au terme du spectacle les enfants ont distribué au public des marques-pages sur lesquelles sont gravées le verset clé de l'évangile de Luc 2.14.

Joyeux Noël à tous, que la Paix du Christ soit en nous tous.

Nous voulons encore remercier toutes personnes qui nous ont aidé à la réalisation de ce spectacle :votre soutien, vos prières, l'équipe musicale, la sonorisation, le transport, les lumières, la décoration, les marque-pages.

MERCI AUX ENFANTS !!!

Sakafom-pirahalahiana FPMA Paris hoe ….

Fanaon'ny FPMA Paris isaky ny Alahady mialoha ny Krismasy miaraka amin'ny Fankalazana ny Noely ataon'ny Sekoly Alahady izy io.

Fotoana natao mba iarahan'ny mpiana-kavin'ny finoana mifaly sy mitafa ary mi-fankalala bebe kokoa amin'ny alalan'ny fiaraha-misakafo.

Ny sampana ao amin'ny Fiangonana miaraka amin'ireo diakona no miara-misalahy manomana sy mandamina ny fizotry ny fotoana rehetra amin'izany. Kanefa dia mahafaly koa ny mahita ny rehetra, entanim-pitiavana ka mandray anjara am-pifaliana araka ny tandrifiny azy mba ahatomombana tsara ny foto-ana.

Koa tarehy mirana sy ravoravo no hita taratra teny amin'ny tsirairay toa mana-mafy ny tenin'ny mpanao Salamo hoe : « ***Endrey tsara sady mahafinaritra raha ny mpirahalahy no miara-monina.***» (Sal. 133.1)

ALAHADY 26 Desambra 2010
Alahadin'ny Mpitandrina
Fanompoam-pivavahana 10 ora sy sasany
Eglise de la Rédemption
AZOMA 31 DESAMBRA 2010
Réveillon miaraka amin'ny Fiangonana
La Rédemption, 16 rue Chauchat Paris

TILY

Lasy de Noël du 28 au 30 décembre à Fourqueux (78)
Louveteaux Eclaireurs et Aînés
Départ Mardi à 16h30 à Gare de Lyon
Retour Jeudi à 15h30 à Gare de Lyon